# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Oktobra 2018

# 17 Alarobia oktobra

**Na dia ny vano eny amin'ny lanitra aza dia mahalala ny fotoanandrony, ary ny domohina sy ny sidintsidina ary ny vanobe koa samy mitandrina ny fotoana fiaviany ; fa ny oloko kosa tsy mba mahalala ny fitsipik'i Jehovah. Ahoana no anaovanareo hoe : Hendry izahay ?** Jeremia 8. 7, 8

**Antso tsy hay tohaina**

Lazaina fa manana hery mpibaiko anaty ny vorona mpifindra monina. Nefa io andinin-tSoratra Masina io dia toa milaza fa manan-tsaina ihany koa izy ireny. Ny tena mahavariana, dia ny antso mahatarika azy ireny hanidina an'arivony kilometatra, mba hahita indray ny toerana nahafoizany.

Misy izao teny mampihetsi-po izao ao amin'ny Baiboly : „Toy ny voronkely miala amin'ny akaniny ka mirenireny, dia toy izany ny olona izay mirenireny miala amin'ny fonenany" (Ohabolana 27. 8). Izany firenirenena izany dia mampahatsiahy ireo andrankandrana rehetra ataontsika, ny fikatsahana fandriampahalemana, ny fikarohana ny maha izy ny tena na ny dikan'ny fiainana. Inona moa io toerana tadiavina fatratra io, kanefa tsy mety hita ? Mbola voasoratra ao amin'ny Baiboly koa hoe : „Ny tsikirity mahita trano, ary ny sidintsidina mahita akany ho azy hametrahany ny zanany... Manina sady vonton'ahelo ny kianjan'i Jehovah ny fanahiko" (Salamo 84. 3, 2).

Nataon'Andriamanitra haintsika ny mandre ny antsony, antso tsy hay tohaina, mba hizorantsika mankany amin' ilay tanjona mbola tsy hitan'ny masontsika akory. Karazana famaritana ny finoana ihany izany. Tsy hoe mamorona lalana tsy akory isika, fa mamantatra ilay lalana efa nosoritan'Andriamanitra, lalana mankao amin'i Jesosy Kristy Mpamonjintsika, ary mamaly tsy misy hataka andro ny antso ataony am-pitiavana.

Ny vorona mpifindra monina tsirairay dia mitondra, ao anatiny ao, toerana lehibe noho ny tenany, toerana midadasika toy ny dia ataony. Tsy takany tanteraka izany, saingy iainany. Toy izany koa ny olona izay mamaly ny antson' Andriamanitra. Ary „ny fahafinaretan'ny fony no avalin' Andriamanitra azy" (Mpitoriteny 5. 20).